## *Resaka Volana*

Planeta mihodidina ny tany any amin'ny 384 400 Km ny Volana izany hoe any amin'ny in - 60,27 n'ny tàna-tany ; maharitra 28 andro ny hodina iray.

Ny sandan'ny lanja sy ny tànan'ny volana dia : 7,35 $10^{22}$ Kg sy 1 738 Km.

Ahitàna faritra toy ny "*cratères Messier, plaine de Platon, cratère du tumulus de Linné, taches d'Hélicon*" eo amin'ny Volana.

Ny fahazavan'ny Volana tàzana dia avy amin'ny fanazavan'ny Masoandro ny Volana ary araka ny filaharan'ny Masoandro, ny Tany sy ny Volana anaty erana no mampiova ny haben'ny faritra mazava sy maizina eo amin'ny Volana ka isokajiana ny vanim-bolana ho : tsinam-bolana (volana vaovao), fahefany voalohany (miakatra), fenomanana (feno volana) sy fahefany farany (milefika).

Ireto misy fiteny samihafa ampiasaina araka ny toerana misy ny Volana eo amin'ny diany manodidina ny Tany :

- Milefi-bolana, herinandro alohan'ny hahatsinana ny volana,
- Maizim-bolana : vanim-potoana tsy ahitàna ny volana,
- Maty volana : mifanitsy tanteraka ny Masoandro sy Tany ary Volana,
- Hitam-biby ny volana : andro faharoa amin'ny fiverenan'ny volana,
- Miarim-bolana : andro faha-13 amin'ny fiverenan'ny Volana.

Toy ny voambolana fampiasa amin'ny Masoandro dia lazaina fa miposaka na milentika ny Volana, ary koa teraka na misoka izy (Rajemisa-Raoilison R.).

12 ny isam-bolana malagasy (faharetana mifanaraka amin'ny ampahany 12-n'ny hodina fenon'ny Volana manodidina ny Tany) anaty taona : *Alahamady, Adaoro, Adizaoza, Asorotany, Alahasaty, Asombola, Adimizana, Alakarabo, Alakaosy, Adijady, Adalo, Alohotsy*. Ny volana voalohany dia mifanaraka amin'ny volana marsa sy ny antokon-kintana Ondrilahy (Bélier).

Mifanaraka aminà ampahan-joro eo amin'ny toerana iray ny volana iray. Heverina matetika momba ny trano fonenana izany ampahan-joro izany. Ny *Alahamady* dia mifandrify amin'ny zoro avaratra-atsinanana, ny *Asorotany* amin'ny atsimo atsinanana, ny *Adimizana* amin'ny atsimo andrefana ary ny *Adijady* amin'ny avaratra andrefana.

Andriamampianina Rakotozafy C.